# Voa Tsara Nafafy 14 Aprily 2018

**14** **Asabotsy**
avrily

**Teo amin'izao tontolo izao Izy *(Jesosy)*, ary Izy no nanaovana izao tontolo izao, nefa izao tontolo izao tsy nahalala Azy. Tonga tany amin'ny Azy Izy, fa ny Azy tsy nandray Azy. Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra.**
Jaona 1. 10-12

### Tia ny fahavaloko

Tamin'ny fiafaran'ny fihetsiketsehana iray ho fanoherana ny ady sy ny herisetra, tamin'ny volana jolay 2014 tany Paris, dia nisy nisetrasetra ny mpitandro filaminana, vaky ny fitaratry ny magazay ary voaroba ny toeram-pivarotana sasany, nisy tranga toy ny any an'dy mihitsy nipoitra tany amina faritra maromaro tao an-tanàna. Maneho mihariha-ry ny toe-pon'ny zanak'olombelona izany.

Rehefa tonga tetỳ an-tany Jesosy Kristy dia naneho ny fon'Andriamanitra, nitondra ny fahasoavana sy ny fahamarinana. Hoy Izy : „Tiava ny fahavalonareo ; manaova soa amin'izay mankahala anareo ; misaora izay manozona anareo, ary mivavaha ho an'izay manisy ratsy anareo" (Lioka 6. 27-28). Ny vahoaka dia „talanjona noho ny tenin'ny fahasoavana naloaky ny vavany" (Lioka 4. 22). Izy ihany koa dia niaina araka ny teniny : „Raha notevatevaina Izy, dia tsy mba nanevateva ; raha nijaly, dia tsy nandrahona, fa nanolotra ny adiny ho amin'ny Mpitsara marina" (1 Petera 2. 23).

Rehefa namono an'i Jesosy ny olona, dia nanaporofo fa tsy hoe manao ratsy fotsiny ihany, fa koa mandà ny tsara. „Ny soa nataoko novaliany ratsy, ary ny fitiavako novaliany fankahalana" (Salamo 109. 5). „Hàlany foana Aho" (Jaona 15. 25). Ny toetra tsy nisy azo antenaina intsony nananan'ny olona dia nampisongadina ny halehiben'ny asa nataon'i Kristy. Io asa io no manavao tanteraka ny fon'izay olona miaiky ny toetrany eo anatrehan'Andriamanitra. Fony mbola fahavalon'Andriamanitra ny olona, „zanaky ny fahatezerana", dia nanjary zanaka malalan'ny Ray, rehefa nino ny asa nataon'i Kristy. Afahan'i Jesosy izy, amin'ny lafiny rehetra tamin'ny toetrany taloha, mba hahatonga azy hahay mitia toa an'i Jesosy sy manaraka ny ohatra nasehony.